TSY VOAVAHAN'NY FITONDRANA MIHITSY

# Midangana izay tsy izy ny vidim-piainana

Vao manomboka ity taona ity, dia tsy maty ambavan' ny maro ny hoe: vidim-piainana misondrotra tsy misy fiafarany, tsy voafehin'ny fitondrana mihitsy hatreto. Niakatra avo 2 heny sy 3 heny, sns… no malaza, satria ireo entana fampiasa andavanandro avokoa no voakasika toy ny vary, siramamy, menaka, savony, ka mitarika ny vidin-javatra hafa hisondrotra ihany koa, toy ny arina fandrehita, ny vidin-kena, ny zava-maniry fihinana ary ireo voamaina isan-karazany. Tsy misy intsony fanaraha-maso izany fisondrotambidy izany eny rehetra eny, fa samy manao izay tiany ireo mpivarotra, ka tsapa fa fahaverezana tanteraka ho an' ity firenena mihitsy, mitarika antsika ho amin'ny laharana farany indrindra raha mbola faha-5 mialohan'ny farany aza izao. Tsorina hoy ny raim-pianakaviana iray teny Mahamasina omaly, fa raha karama 5 hetsy ariary isam-bolana izay mba anjara, ialan'ny hofan-trano, ny Jirama, ny volan-tsekoly sy adidim-piarahamonina, dia zara raha misy 150000 Ar mba hividianana sakafo sy kojakoja ilaina andavanandro, ho azy mivady sy ny ankizy roa, ka lasa tokantrano NOANA hatrany. Ireo mpitondra moa na izay mpisolelaka diso adiresy, dia tsy mahatsapa izany mihitsy satria tsy mba miantsena, tsy mandoa vidin-jiro sy rano, sy hofan-trano, fa migalabona amin'ny fiara vaovao, eny iantohana hatramin'ny solika, mivezivezy manidina any ivelany ka lasa manafatra angidim-by 12 tapitrisa dolara amerikana mihitsy aza. Mazava noho izany, fa KERE tokoa ny vahoaka, tsy



*Entana ilain'ny mponina andavanandro midangana avokoa ny vidiny.*

tratra intsony ny sakafo in-telo isan'andro, grevy etsy sy eroa, tsy mba henoin-teny ny sahirana, ka izay mba manome vaha-olana na manao tsikera dia lazaina fa mpanohitra foana, nefa efa mahantra tanteraka, ry zareo mpitondra dia ny mizara vary masaka iray vilia na manta tapa-gony no fanaony raha sendra loza toy ny rivo-doza ireny ohatra. Nefa fanampiana tsy mahavita taona.

"Cercle vicieux" hoy ity rangahy sahirana ny fiainana, ny sakafom-biby aza moa nisondrotra avo roa heny, ny katsaka, ny vilona, ny provandy isan-karazany, ny làlana sy saran-dalana tsy ara-dalàna intsony, ka tsy hanomezan-tsiny ny tantsaha mpamboly sy mpiompy hilaza hoe : tena midangana.

**Beharo**

Kolonely Rabe Jules

# Mandray an-tanana traboinan'ny rivodoza 300 eo, any Toliara



*Ny kolonely Rabe Jules.*

Anisan'ny lasibatry ny rivodoza Freddy izay niverina taty amintsika, rehefa avy namely ny tany Mozambika, ny any amin'ny faritra Atsimo Andrefana, ao anatin'izany i Toliara, renivohitry ny faritra. Na tsy nandalo tao amin'ny renivohitry ny faritra aza ny ivon'ity rivodoza ity dia namela takaitra tany antoerana izy, teo amin'ny lafiny foto-drafitrasa sy trano fonenan'ny olona, miakatra koa ny rano any an-toerana, ka maro ireo traboina vokatr'izany, ireo mponina mipetraka amin' ny faritra iva. Noho izay antony izay, traboina misa 300 eo no noraisin'ny kolonely Rabe Jules, filohan'ny KMMR Toliara, an-tanana ny fanampiana sy ny fiahiana azy ireo. Hoy indrindra izy mahakasika izany:"noho ny fahabetsahan'ny vahoaka tra-boina eto Toliara renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana, noho ny vokadratsy nateraky ny rivodoza FREDDY, dia olona tsy manankialofana tra-boina miisa 300 mahery no raisiko Kolonely Rabe Jules antanana ato amin'ny trano fonenako ato Anketa amin'izao fotoana izao. Fanampiana ara-tsakafo sy trano fialofana. Malagasy iray isika ka mila mifanampy indrindra amin' ny andro sarotra tahaka izao."

**Isambilo**

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Matanjaka ny vehivavy TIM Analamanga




**Albert Ravonimiarana :** matanjaka ny vehivavy TIM Analamanga sy ny filoha MarcRavalomanana, matoa nosakanana ny hetsiky vehivavy TIM Analamanga omaly tao Behoririka.

**Kevin Rabefitiavana:** mirary soa anareo rehtra eh, ts maintsy misy farany io.

**Mahefa Vononkiatrika :** diabe hihazo an'i Bel'air ve izy izany e!?

**Rasoarilala Marie Alice** : vehivavy mahery fo mahereza daolo o !

**Vonikazo FY :** oadray... lay lehilahy manao zipo nisakantsakana teo zao no tena tokony ho nanatrika teny Mahamasina... nahagaga ny nalehany teny Behoririka.

**Lalanirina Noroarivelo :** on s'en fout de kala Mialy.

**Fleurette Alisoa :** mirary soa akia a! hihomehezo fotsiny aki a ! Dada tsy maintsy mandresy e!

**Annie Hassan Tanguy :** tena mahery. Oatrireny mints ny lutte nataon'ny vehivavy niady an'io ZO io raha ny tantara. Nametraka tantara ho tsaroan'ny taranaka iny androany iny. Mankasitraka ny Vehivavy TIM Analamanga mahery rehetra.

**Yoon Harimanana :** tsika TIM tena mahery e!

**Heriniaina Falimanantsoa :** mrci daholo TIM, tsika ts maints madresy a!

**Zava Andria :** mankasitraka e, milay tsika vehivavy TIM Analamnaga e!

**Setha Ramandih :** arahabaina ny Vehivavy TIM, mahery ianareo e!

**Luna Nomenjanahary :** mahery ianareo e!vehivavy toa anareo ireo dia nampivoaka ny herim-pamoretana maro be. Mahereza ry vehivavy isany.

**Ranoux Ramaholy :** sary ratsy ho an'i Madagasikara, 8 mars journée mondiale de la Femme, fa tsy an'ny gasy irery nefa dia zandary sy miaramila no manakana ao @enceinte ny Magro, misy tompony, toerana an'olon-tsotra, efa tsy izy intsony ity fitondrana Rajoelina ity, efa akaiky ny farany e!

**Justin Rabedaoro:** tsy vehivavy, tsy TIM Boriboritany 6,… fa dia atahoran'ny fitondrana Rajoelina avokoa. Tena matanjaka sy mahery ny filoha Ravalomanana matoa atahoran'ny fitondrana toy izao e!

**Teophile Razanamiarana:** hita fa tena matahotra ny TIM: Vehivavy TIM sy ny filoha Ravalomanana izao fitondrana Rajoelina izao.

**Alfred Rabemanahaka:** nhy TIM hatreto no manana base matanjaka, Vehivavy TIM, tanora TIM, dis-TIM, COM-TIM, Foko-Tim. Misy, ary matanjaka avokoa ireo rafitra ireo.

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Raharaham-pirenena

## Tsy misy iantorahana intsony ny vahoaka

Hafahafa ny toetrandro tato ho ato, mivadibadika beny ihany, mifangaro ny entin'ny rivodoza Freddy sy ny toetr'andro amin'ny fotoam-pahavaratra. Manahaka izany ihany koa ny fiainam-pirenena. Tsy hita beny ihany ny andraisana azy. Manalasala toy ny vozon'akoho ny raharaha na ny ato anatiny na ny ivelany. Ny ato anatiny, ifandroritana ny tontolon'ny fifidianana, izay zary toa tsy mandeha amin' ny tokony ho hitsiny. Iniana ikimpiana na tsy henoina ny feo mandeha etsy sy eroa mikatsaka ny lalana hahatomombana ny fifidianana ka tsy hisian'ny raorao. Etsy ankilan'izany, manao jojorombona izany ary tsy te hahalala izany ny eo anivon'ny fitondrana, fa ny azy ihany ny azy. Iaraha-mahita rahateo ny fihetsiny tato ho ato, izay minia miroso hatrany mankany amin'ny kinendriny, dia ny handrombaka ny fifidianana. Tsikaritra indraindray, fa atao amboletra fotsiny izany na dia tsy mifanaraka amin'ny Lalampanorenana aza. Mibaribary rahateo matetika io fanitsakitsahana Lalampanorenana io, ary hita ho mihalangalana fotsiny amin'izany, fa tsy misy fepetra raisiny ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana na ny HCC. Dia ho iza indray no iantorahan'ny vahoaka rehefa tsy hita inanteherana amin'izany io rafi-panjakana iray io? Mandeha an-jambany fotsiny ve ireo solombavambahoaka raha niantefa tany amin'ny HCDDED ny eritreritr'izy ireo, ka nanaterany ny fanamarihana amin'ny fanapahan-kevitry ny maro an'isa tao aminy izay misy tokony fepetra hampiharina? Rehefa ny solontenam-bahoaka no lazaina ho "diso lalana" izany, dia ho very ihany koa ny vahoaka malagasy. Maneho fivilian-dalan'ny firenena tsotra izao izany toe-javatra izany, izay fiviliana tsy mankany amin'ny tsara akory. Mampanahy araka izany ny zotra arahin'ny firenena ankehitriny sy ny hoaviny, satria ilay tena aroriaka mihitsy no marefo na zara raha misy. Manahirana araka izany ny raharaham-pirenena, toy ny toetrandro, ary ny vahoaka hatrany no mifafa ny kihony ao anatin'izay.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Ny Antso R.**

NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO Dokam-barotra

Tel. 034 79 076 00